Madio ny ranony, ary azo hanina ny hazandrano maty ao

Tatitra azo avy tamin'i Abo horaira (R.A) niteny : Nisy lehilahy iray nanontany an'ny Mpaminany (S.A.W) hoe : Ry irak'Allah ô, mandeha an-dranomasina izahay, ary mitondra rano kely miaraka aminay, ka raha manao ozo amin' izany izahay dia hangetaheta, ka afaka manao ozo amin'ny ranomasina ve izahay? Dia hoy i Mpaminany (S.A.W) hoe : "Madio ny ranony, ary azo hanina ny hazandrano maty ao".

[Mari-pototra] [رواه أبو داود والترمذي والنسائي وابن ماجه وأحمد]

Nisy lehilahy iray nanontany an'ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : Miondrana an-tsambo eny an-dranomasina izahay mba hanaratoana na hanao varotra sy ny toy izany, ary mitondra rano fisotro kely izahay, ka raha ampiasainay ho an’ny fanaovana ozo sy fanadiovana dia ho lany ary tsy mahita rano hosotroina, ka azo atao ve ny manao ozo amin'ny ranomasina? Hoy i Mpaminany (S.A.W) momba ny ranon-dranomasina : Madio sy manadio ny ranony, Azo atao ny manadio sy mandro amin’izany, ary azo atao koa ny mihinana izay mivoaka avy ao, toy ny trondro, trozona, sns, na dia hita faty aza ka nitsinkafona teo an-damosiny nefa tsy nihaza.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/8355